

# PARLER DU TEMPS /

## MIRESAKA MOMBA NY TOETRANDRO

Zavatra iainana isan'andro ny toetrandro. Betsaka ny fomba fiteny fampiasa mahakasika izany sehatra izany izay tokony ho voafehy tsara amin'ny teny Frantsay. Ny mpianatra nahavita ity lesona ity dia tokony hahafehy tanteraka ireo fanontaniana mahakasika ny toetrandro sy ireo teny na fomba fiteny entina manoritsoritra izany.

### Demander / Manontany

- Quel temps fait-il ? / Manao ahoana ny toetrandro ?
- Il fait quel temps ? / Manao ahoana ny toetrandro ?
- Quel temps fait-il aujourd'hui ? / Manao ahoana ny andro androany ?
- Il fait quel temps à Majunga ? / Manao ahoana ny toetrandro any Mahajanga ?
- Il fait chaud aujourd'hui, n'est-ce pas ? / Mafana ny andro androany, sa tsia ?
- Il ne fait pas froid aujourd'hui, hein ? / Tsy mangatsiaka ny andro androany e ?
- Il fait combien ? / Firy ny maripana ?
- Quelle est la température ? / Firy ny maripana ?
- Quelles sont les prévisions météo pour aujourd'hui ? / Manao ahoana ny vinavinan'ny toetrandro ho amin'ny androany ?
- Quelles sont les prévisions météo pour Tananarive ? / Manao ahoana toetrandro voavinavina ho an'ny eto Antananarivo ?
- Quel temps fait-il où tu es ? / Manao ahoana ny toetrandro any amin'ny misy anao any ?

### Décrire le temps / Manoritsoritra ny toetrandro

Amin'ny ankapobeny, dia ampiasaina ny fomba fiteny hoe "Il fait...", "C'est..." na "Il y a..." rehefa milaza na manoritsoritra toetrandro.

- Il fait chaud aujourd'hui. / Mafana ny andro androany.
- Il fait chaud à Tana. / Mafana ny andro eto Tana.
- Il fait un peu froid dehors. / Somary mangatsiaka ao ivelany ao.
- Il fait froid. / Mangatsiaka ny andro.
- Il fait un froid de canard. / Mamirifiry ny andro.
- Il fait humide. / Mamanala ny andro.
- Il y a du vent. / Mandrivotra ny andro.
- Il y a du soleil. / Mibaliaka ny masoandro.
- C'est nuageux. / Mandrahona ny andro.
- Il fait beau. / Tsara ny andro.

Ireto manaraka ireto dia ireo fomba fiteny entina manoritsoritra ny toetrandro manorana na misy zavona.

- Il pleut. / Avy ny orana.
- Il bruine. / Manerika ny andro.
- Il pleut beaucoup depuis hier. / Avy be ny orana efa hatramin'ny omaly.

**temps:** toetrandro, fotoana

**aujourd'hui:** androany

**chaud:** mafana

**n'est-ce pas:** sa tsy izany, sa tsia

**froid:** mangatsiaka, hatsiaka

**combien:** firy

**température:** maripana

**prévision:** vinavina

**météo:** filazana toetrandro

**un peu:** kely, somary

**dehors:** ao ivelany

**humide:** mamanala, mando

**il y a:** misy

**vent:** rivotra

**soleil:** masoandro

**nuageux:** mandrahona

**beau:** tsara

**pleut (v plievoir):** avy orana

**bruiner:** manerika

**beaucoup:** betsaka, be

**depuis:** hatramin'ny

**hier:** omaly

**neiger:** manjavona, misy zavona

**grêler:** manavandra

**tonnerre:** kotroka, varatra

**éclair:** tselatra

**parfait:** tanteraka, tonga lafatra

**merveilleux:** mahafinaritra, mahagaga

**ici:** eto, aty

**mauvais:** ratsy

**terrible:** ratsy, mahatsiravina

**dimanche:** alahady

**demain:** rahampitso

- Il pleut des cordes. / Mivatravatra ny orana.
- Il neige. / Misy zavona.
- Il grêle. / Manavandra ny andro.
- Il y a du tonnerre. / Mikotroka ny andro.
- Il y a des éclairs. / Mitselatra ny andro.

Ankoatra izay efa hita etsy ambony, dia indreto ihany koa misy fomba hafa hahafahana manoritsoritra ny toetrandro amin'ny teny Frantsay.

- Le temps est parfait à Morondava. / Tena tsara ny andro aty Morondava.
- Le temps est merveilleux ici. / Mahafinaritra be ny toetrandro aty.
- Le temps est mauvais. / Ratsy ny andro.
- Le temps est terrible depuis dimanche. / Ratsy be ny andro hatramin'ny alahady.

Raha toa ka hilaza ny toetrandro amin'ny ho avy kosa indray; ohatra ho amin'ny androany hariva na ny ampitso; dia azo ampiasaina ny futur simple de l'indicatif na ny futur proche hilazana izany.

- Quel temps fera-t-il demain ? / Hanao ahoana ny toetrandro rahampitso ?
- Il pleuvra ce soir. / Ho avy ny orana rahariva.
- Il va faire chaud aujourd'hui. / Hafana ny andro androany.
- Il fera beau à Tananarive demain. / Hotsara ny andro eto Antananarivo rahampitso.